Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Oktobra 2018

16 Talata oktobra

Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy *(Jesosy)* no nanolotra ny ainy hamonjy antsika.
1 Jaona 3. 16

Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo, ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahanareo ny dia-ny. 1 Petera 2. 21

Manaraka Ilay Môdely

Vao avy nodidina aho. Alina tamin'izay, ary tena nafana tokoa. Nandry mitsilany aho, misy ireo karazana fitaova-na napetaka tamin'ny vatako sy ny sandriko. Tsy nahazo mihetsika aho, raha tsy izany dia maneno ny fanairana ka mihazakazaka ny mpitsabo hijery, ary hampijanona iza-ny. Tsara fanahy sy tena nikarakara avokoa ny mpitsabo rehetra. Fa voamariko manokana, tamin'io alina io, ny fa-haretana sy hatsaram-pon'ilay mpitsabo mpiandry raha-raha. Nanao izay rehetra azony natao izy mba hampitony ny fanaintainan'ireo olona avy nodidina. Izaho nefa tsy mba afaka nanonona teny fankasitrahana azy kely akory. Saingy tsapako tsara fa niavaka ny hatsaram-panahin'io olona io. Hoy aho anakampo : „Kristiana angamba io ve-hivavy io". Satria izy dia tena nanahaka ny Mpampiana-tra, ny Tompo Jesosy, Izay nangoraka mandrakariva ny olona rehetra mijaly.

Alina telo no nifanesy toy izany. Ary nony marainan'ny alina fahatelo, dia tonga hanao veloma ilay mpitsabo, sa-tria tsy hiverina hiasa raha tsy amin'ny herinandro mana-raka. Nisalasala kely izy, ary avy eo dia nanatona ny fara-farako, nijery ilay Baiboly nipetraka teo amin'ny latabatra kely teo an-dohafandrianako, sady niteny moramora tamiko hoe : „Ity ve no harenanao ?" Novaliako hoe : „Eny". Dia notohizany hoe : „Io koa no harenako", ary ni-tsiky izy sady lasa nandeha.